## *SAHANASA 1*

F1 : Zaraina amin'ny traboina ny fanampiana.
EM RF L"Iharana"

*Porofo:*
*Zaraina: Ø - zara – ina*
*EM Matoanteny aman-tovana "-ina"*
*FKI: Zaraina ny fanampiana (mivany 2)*

F2 : Tinadin' ny olona ny vola.
EM RF L "Iharana"

*Porofo:*
*Tinady: t -in – ady*
*EM Matoanteny aman-tsofoka "-in"*
*FKI: Tinady ny vola. (mivany 2)*

F3 : Hankalazaina amin'ny volana Jona ny fetim-pirenena.
EM RF L "Iharana"
*Porofo:*
*Hankalazaina: h(o) - anka – laza- ina*

*EM Matoanteny aman-tsirin-teny sara-droa*
*FKI: Hankalazaina ny fetim-pirenena (mivany 2)*

F4 : Lany daholo ny vola rehetra.
EM ZP L "Iharana" ZP
*Porofo:*
*EM Matoanteny fototeny azo asiana mpisolo tena tampisaka (lany)*
*FKI: Lany ny vola. (mivany 2)*

F5 : Norosoana sakafo ny vahiny.
EM RF L "MPANDRAY"
*Porofo:*
*Norosoana: no-roso-ana*
*EM matoanteny aman-tovona "-ana"*
*FKI: Norosoana sakafo ny vahiny (mivany telo, RF"sakafo": "atao")*

## *SAHANASA 2*

F1: Kapaina amin'ny famaky ny kitay.
EM RF L

*Porofo:*
*Kapaina: Ø - kapa – ina*
*EM Matoanteny aman-tovana "-ina"*
*FKI: Kapaina ny kitay (mivany 2)*

F2 : Sasana amin'ny savony ny lamba.
EM RF L

*Porofo:*
*Sasana : Ø – sasa – ana*
*EM Matoanteny aman-tovana "-ana"*
*FKI: Sasana ny lamba (mivany 2)*

*F3 : Zinaran'i Neny ny lamba.*
EM RF L

*Porofo:*
*Zinara : z – in - ara*
*EM Matoanteny aman-tsofoka "-in"*
*FKI: Zinara ny lamba (mivany 2)*

F1 :Rarahana fasika ny lalana.
EM RF L

*Porofo:*
*Rarahana : Ø -rarak(a)-ana*
*h*
*EM matoanteny aman-tovana –ana*
*FKI : Rarahana fasika ny lalana (mivany 3, RF "fasika": "Atao")*

F2 : Tolorana valisoa ny mpianatra.
EM RF L

*Porofo :*
*Tolorana : Ø -tolotr(a)-ana*
*r*
*EM matoanteny aman-tovana –ana*
*FKI : Tolorana valisoa ny mpianatra. (mivany 3, RF "valisoa": "atao")*

F3 : Nofafazana vary ny tanin-ketsa.
EM RF L

*Porofo :*
*Nofafazana: no- faf(i)-az-ana*
*EM matoanteny aman-tovana" –ana"*
*FKI: Nofafazana vary ny tanin-ketsa. ( mivany 3, RF "vary": "atao")*

## SAHANASA 1

- Miseho amin'ny fotoana lasa ny lahatsoratra satria ny matoanteny rehetra dia ahitana mpanamarika fotoana avokoa.
Ohatra: nanana, nampianarina, nandanilany, nanampy, namaky, nilalao, nialavoly, nahatafita,

- Tamin'nyfialan-tsasatra, tamin'ny andro tsy fianarana, tamin'ny fiainana
Tamin'ny > t-amin'ny > t-: lasa ; Ø-amin'ny > Ø > ankehitriny ; Ø-amin'ny > Ø> ho avy.

***Ankehitriny :***

*I Soafianatra*

*Zatovo manana ny maha izy azy tokoa I Soafianatra. Ampianarina mandanjalanja fotoana amin'ny zavatra ataony izy. Amin'ny fialan-tsasatra ihany koa dia tsy mba mandanilany fotoana amin'ny zavatra tsy mahasoa izy. Manampy ny ao an-trano izy amin'ny andro tsy fianarana, mamaky boky sy milalao na miala voly kely kosa anefa aorian'ireo. Mahatafita azy amin'ny fiainana ny fitazonany izany fanabeazana izany.*

***Ho avy:***

*I Soafianatra*

*Zatovo hanana ny maha izy azy tokoa I Soafianatra. Hampianarina handanjalanja fotoana amin'ny zavatra hataony izy. Amin'ny fialan-tsasatra ihany koa dia tsy mba handanilany fotoana amin'ny zavatra tsy hahasoa izy. Hanampy ny ao an-trano izy amin'ny andro tsy fianarana, hamaky boky sy hilalao na hiala voly kely kosa anefa aorian'ireo. Hahatafita azy amin'ny fiainana ny fitazonany izany fanabeazana izany.*

F1 :Nahavelona olona maro ny ala.
Mahavelona olona maro ny ala. (ankehitriny)
Hahavelonaolonamarony ala. (hoavy)

F2 :Nosimbain'nyolonanytontoloiainana.
Simbain'nyolonanytontoloiainana. (ankehitriny)
Hosimbain'nyolonanytontoloiainana. (hoavy)

## *SAHANASA 1*

- Ny atao hoe fehezanteny kely indrindra dia fehezanteny mivany roa na telo, mahalaza hevitra feno sy mazava.
- Misy karazany roa ny FKI.
- FKI mivany roa ahitana EM sy L sy FKI mivany telo ahitana EM sy RF ary L

## *SAHANASA 2*

F1 : <u>Mihazakazaka</u> <u>eo aloha</u> <u>ny tovolahy</u> <u>sasany</u>.
EM RF L ZP
FKI : <u>Mihazakazaka</u> <u>ny tovolahy</u>. (Mivany 2)
EM L

F2 : <u>Manolotra</u> <u>hasin-jaza</u> <u>avokoa</u> <u>ny mpanotrona.</u>
EM RF ZP L
FKI : <u>Manolotra</u> <u>hasin-jaza</u> <u>ny mpanotrona</u>. (mivany 3)
EM RF L

F3 : <u>Mbola</u> <u>manokatra</u> <u>lanonana</u> <u>indray</u> <u>ny Ndatibe</u>.
ZP EM RF ZP L
FKI : <u>Manokatra</u> <u>lanonana</u> <u>ny Ndatibe</u>. (Mivany 3)
EM RF L

F4 : <u>Mivoaka</u> <u>vao maraina</u> <u>ny tovolahy</u> <u>matanjaka</u>.
EM RF L ZP
FKI : <u>Mivoaka</u> <u>ny tovolahy</u>. (Mivany 3)
EM L

## *SAHANASA 3*

F1: <u>Tena</u> <u>ilaina</u> <u>eo amin'ny fiaraha-monina</u> <u>tokoa</u> <u>ny fifanajana</u>.
ZP EM RF ZP L
FKI: Ilaina ny fifanajana. (mivany roa)

F2 : <u>Mirakitra</u> <u>anatra</u> <u>ho an'ny mpiara-belona</u> <u>ny angano</u>.
EM RF ZP L
FKI: Mirakitraanatranyangano. (mivany telo, RF “anatra”: “iharana”)

F3 : <u>Voadona</u> <u>teo</u> <u>amin'ny lohany</u> <u>ilay zaza nanapaka</u>.
EM RF L ZP
FKI: Voadona ilay zaza. (mivany roa)

F4 : <u>Mandranitra</u> <u>antsy</u> <u>amin'ny</u> <u>vato fisaka</u> <u>i Bema</u>.
EM RF ZP ZP L
FKI: Mandranitra antsy i Bema. ( mivany telo, RF “antsy”: “iharana”)

F5 : Miteraka olana eo amin'ny fiainana ny tsy fitoviana.
EM RF ZP L

FKI: Miteraka olana ny tsy fitoviana. (mivany telo, RF "olana": "atao")

## 4 NY TAMBIN-TENY

### SAHANASA 1

***Fehezanteny dimy ahitana tambin-teny:***

F1 : Maditra loatra io zaza io.
F2 : Mandalo eo foana io fiara io isan'andro.
F3 : Nohajainy fatratra ny ray aman-dreniny.
F4 : Tonga tampoka ny vahiny.
F5 : Ilaina tokoa ny firaisan-kina.

### SAHANASA 2

F1 : Mampanavy mihintsy ny voankazo manta.
F2 : Nampanansoin'ny mpampianatra ny ray aman-drenin'ireo tara lava.
F3 : Manavy angamba io zaza io fa miakatra ny hafanany.
F4 : Nirotsaka tampoka ny orana la tena kotsa ny fitafiana teny an-kodiny.
F5: Nasain'ny mpitsabo nihinam-panafody hatrany izy mba ho sitrana.
F6: Nahazo valisoa mendrika ireo mpianatra mahay indrindra.
F7: Miezaka fatratra ny mpianatra te ho tafita.

## 5 NY H.A.D « ATAO » SY « FITAOVANA »

### SAHANASA 1

***Fanaporofoana ny HAD'ny L***

F1 : Atomboka androany ny fivoriana.
EM RF L"Atao"

*Porofo:*
*Atomboka : Ø - a – tomboka*
*EM "atomboka": matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"*
*FKI : Atomboka ny fivoriana. (mivany 2)*

F2 : Nalefan' i Jao tany amin'ny namany ny taratasy.
EM RF RF L " Atao"

*Porofo:*
*Nalefa: n(o) - a – lefa*
*EM "nalefa": matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"*
*FKI: Nalefa ny taratasy. (mivany 2)*

F3 : Hafatotra ny omby ny tady.
EM RF L "Fitaovana"

*Porofo:*
*Hafatotra: h(o) - a – fatotra*
*EM "hafatotra": matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"*
*FKI mivany 3 ; RF "ny omby": "iharana"*

F4 : Nafehy ny lohany ny lamba.
EM RF L "Fitaovana"

*Porofo:*
*Nafehy: n(o) - a – fehy*
*EM "nafehy": matoanteny aman-tovona tsy mivaky "a-"*
*FKI: Nafehy ny lohany ny lamba. (mivany 3; RF "ny lohany": "iharana")*

### SAHANASA 2

***HAD ny L « ATAO » :***

F1: Natomboka vao maraina ny asa.

F2 : Avoaka ao am-balany omby.

***HAD ny L "FITAOVANA":***

F1 :Naravaka ny efitrano ny voninkazo.

F2 : Adidy ny mofo ny antsy.

## 6 NY FAMORANA

### SAHANASA 1

1- Ny atao hoe famorana dia fomba malagasy atao amin'ny zazalahy kely.
2- Ny rain-jaza no manatanteraka ny famorana.
3- Ny fitaovana hanatanterahana ny famorana dia ireto avy : lamba landy, fary raiki-bololona, voatavo monta, akondro, rano mahery, fen'akoho, fandrotrarana.
4- Ny fiomanana alohan'ny famorana dia mijery andro tsara, manao lapa, mangalatra fary, maka rano mahery, manao sarinady.

| Fombafomba: fitaovana na hetsika | Ny dikany |
|---|---|
| Mijery andro. | Mba tsy hiharan'ny loza ny zaza raha sendra andro tsy mifanaraka amin'ny vintany (tratry ny tononandro tsy maha-lehilahy). |
| Lapa temerina lamba landy. | -Hanehoana fa zava-dehibe ny famorana.<br>-Hirariana ny zaza hanan-kasina (ho toy ny mpanjaka) |
| Miandry lapa. | Hanehoana fa raharahan'ny rehetra ny famorana: fahasoavana, adidy iombonana. |
| Hala-pary ataon'ny lehilahy matanjaka. | -Adidin'ny tompom-pary amin'ny zaza hoforana<br>-Hanehoana tanjaka sy hery ho an'ny zaza |
| Voatavo monta: hakana ranomahery, miaro ny zaza amin'ny biby kely mety hanaikitra noho izy mangidy | -Tandindona anehoana ny zazalahy<br>-Hirariana ny zaza hangidy lavitry ny faty |
| Fandrotrarana | Tandindona anehoana ny zazalahy hoforana izay ho lasa tena lehilahy handimby ny rainy: "Fandrotrarana an-tanàna haolo ka mandimby ray tsy satry." |
| Fary raiki-bololona | Tandindona anehoana ny zazalahy hoforana, miantoka ny fitohizan'ny taranaka |
| Akondro: natao hitelema ny lohatsitsy | Tandindona anehoana ny zazalahy hoforana, hirariana azy ho tena lehilahy, hanan-taranaka |
| Vao maraina be: | -Amin'iny mbola madio sy mangatsiaka ny rano hakana ranomahery.<br>-Tandindon'ny fiainan'ny zaza vao misandratra amin'ny maha-lehilahy azy. |
| Ranomahery/ranovita | Hirariana ny zaza mba hahery sy hatanjaka. |
| Sarinady | Hanehoana fa ny zazalahy hoforana dia avy amin'ny ankolafin-dReny ary ampitaina any amin'ny ankolafin-dRay. |

Lehilahy no mikarakara ny zaza sy ny mahakasika azy.

Ataon'ny raibe/ray/dadatoan'ny zaza telimoka ny lohatsitsy.

Bosasahana ranomahery ny fery.

Fen'akoho no laokan'ny zaza voafora.

- Mba hadio sy tsy handeha ra, mba ho mora fery ny zaza.
- Ho mariky ny fitiavana sy ho fitahirizana ny ain'ny zanaka.
- Hirariana ny zaza mba ho tena lehilahy.
- Hanehoana fa mandray ny hajan'ny zanaka lahy feno izy.

## 7 NY HAD L MPAMARI-TOE-JAVATRA SY HAD L MPAMPANAO ARY HAD L MPIFANAO

### SAHANASA 1

***Omeko ny anjara asan'ny teny tsirairay ao anatin'ireto fehezanteny ireto.***

F1 : Ilalaovan'ny ankizy eo an-tokontany.
EM RF L

F2 : Hahavitana asa mendrika ny fikirizana.
EM RF ZP L

F3 : Nandefasana taratasy ny havana rehetra.
EM RF L ZP

F4 : Mampivelatra ny faharanitan-tsaina ny vaky boky.
EM RF L

F5 : Tsy mifampatoky intsony izy roa lahy.
EM L

***Rasaiko ny EM ao amin'ireto fehezanteny ireto ary lazaiko ny tsirinteny hita ao aminy.***

F1= ilalaovana < – i – lalao - v – ana

lalao : fototeny

i-… .-ana : tsirin-teny sara-droa

v : fanatsaram-peo

F2 = hahavitana< h(o) – aha - vita – ana
h(o) : filazam-potoana ho avy
vita : fototeny
aha-…. -ana : tsirin-teny sara-droa

F3 = nandefasana < n(o) – an – lefa – s- ana
n(o) : filazam-potoana lasa
lefa : fototeny
an- … - ana : tsirin-teny sara-droa

F4 = mampivelatra < m- amp – i- velatra
m- : tovona vakiny miova sady filazam-potoana ankehitriny
velatra : fototeny
amp- : tsofoka
i-: tovona vakiny tsy miova

F5 = mifampatoky< m – if – amp – a - toky
m : tovona vakiny miova sady filazam-potoana ankehitriny
toky : fototeny
-if – amp : tsofoka
a- : tovona vakiny tsy miova

***Lazaiko ny tsirinteny nampiasaina teo amin'ireo EM ao amin'ny F1, F2 ary F3. Lazaiko hoe matoantenin'izy ireo.***
F1: tsirin-teny sara-droa i- …-ana

F2: tsirin-teny sara-droa aha- …-ana

F3: tsirin-teny sara-droa an- …-ana
=> *MPAMARI-TOE-JAVATRA izy ireo*
*Lazaiko ny tsirinteny nampiasaina teo amin'ireo EM ao amin'ny F4. Lazaiko hoe matoantenin'ny inona izy ireo.*

F4 : Tovona mivaky mi – sy tsofoka –amp- (tsirin-teny sosona m- amp -i-)
=> *Matoantenin'ny MPAMPANAO*

## *SAHANASA 2*

***Omeko ny FKI an'ireto fehezanteny ireto :***
F1 : FKI mivany 2 (ilalaovana ny eo an-tokontany)
F2 : FKI mivany 3 (Hahavitana asa ny fikirizana)
F3 : FKI mivany 3 (Nandefasana taratasy ny havana)
F4 : FKI mivany 3 (Mampivelatra ny faharanintan-tsaina ny vaky boky)
F5 : FKI mivany 2 (Tsy mifampatoky izy roa lahy)

***Dinihiko ireo fehezanteny dimy ireo ka avaho ireo fehezanteny izay manana HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA sy izay manana HAD ny L MPAMPANAO ary HAD ny L MPIFANAO.***

F1 : HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA
F2 : HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA
F3 : HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA
F4 : HAD ny L MPAMPANAO
F5 : HAD ny L MPIFANAO

### SAHANASA 3

***Omeko ny HAD ny L amin'ireto fehezanteny ireto ary hamarinko ny valin-teniko***

F1 : Nandihizan'ny mpilalao ny sehatra
F2 : Mampifamaly antsika ny hevitra tsy mitovy
F3 : Mifamela heloka ny mpifankatia

F1 : Nandihizan'ny mpilalao ny sehatra.
EM RF L
*Porofo: -EM Matoanteny aman-tsirin-teny sara-droa "an- … -ina" ( n(o)-an – dihi-z – ana)*
*- FKI mivany 2 (Nandihizana ny sehatra)*

F2 : Mampifamaly antsika ny hevitra tsy mitovy.
EM RF L ZP
*Porofo:EM Matoanteny aman-tovona mivaky "man-" ahitana tsofoka –amp-*
*(m- amp- if – an – (v)aly)*
m

***FKI mivany 2 (Mampifamaly ny hevitra)***

F3 : Mifamela heloka ny mpifankatia.
EM RF L
*Porofo: -EM Matoanteny aman-tovona mivaky man- ahitana tsofoka –if- (m-if-an- (v)ela)*

***FKI mivany 3 ka ny vaniny fahatelo dia RF Atao (Mifamela heloka ny mpifankatia)***

Mamorona fehezanteny iray avy ahitana.
HAD L Mpamari-toe-javatra.
HAD L Mpampanao.
HAD L Mpifanao aho.

***1) HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA***

Anatanterahana ny fomba Malagasy ny vono omby.
EM RF L
*EM matoantenyaman-tsirin-tenysara-droaka«–ana»nytapanyfaharoa*
*FKI mivany 3 kanyvaninyfahatelodia RF Atao*

***2) HAD ny L MPAMPANAO***

Mampindrana vola ny banky.
EM RF L

*EM matoanteny aman-tovona mivaky ahitana tsofoka –amp- (tsirin-teny sosona)*
*FKI mivany 3 ka ny vaniny fahatelo dia RF Iharana*

***3) HAD ny L MPIFANAO***

Mifankahalala ny mpiara-monina.
EM L

*EM matoanteny aman-tovona mivaky ahitana tsofoka –if- (tsirin-teny sosona)*
*FKI mivany 2*

## 8 NY TAMBERIM-PEO SY NY TAMBERIN-DRAFI-PEHEZANTENY

***SAHANASA 1***

1- F : Osy fotsifotsy fito fotsifotsy foto-tsofina.

2- Ny hita fa miavaka sy manaitra ao amin'io fehezanteny io dia ny fisian'ny renifeo "f" izay miverimberina ao anatin'ilay fehezanteny.
Ny toerana ahitana io renifeo "f" io eo an-dohan-teny mifanesy
*Mitovy ny rafitr'ireo fehezanteny.*

a) Taranantsika / ihany / no / tsaboina/ eto.
b) Mararintsika/ ihany/ no / tsaboina / eto.

3- F1 : tamberin-drenifeo tokana "f" no hita eo an-dohan-teny mifanesy.
Azo antsoina hoe tamberin-drenifeo tokana eo an-dohan-teny mifanesy.
F2 : hita fa ny firafitry ny fehezanteny a dia miverina ao amin'ny fehezanteny b. Izany hoe : mitovy firafitra ny fehezanteny a sy b. Noho izany, azo antsoina hoe tamberin-drafi-pehezanteny no hita eto.

***SAHANASA 2***

F1: Raha /miara-mientina /isika / dia / ho / foana /ny valan'aretina./
Raha/miara-miasa /isika / dia / ho / tratra /ny tanjona./
*Tamberin-drafi-pehezanteny izany no hita eto.*

F2 : Miezaka mafy manao izay hahafoana ny valan'aretina ny mpitondra.
Tamberin-drenifeo tokana « m » no hita amin'ireto teny ireto : « miezaka, mafy, manao".

| | | |
|---|---|---|
| F1 : Mahalala, mahay, mahavita no teny filamatra ao amin'ny sekolinay. | → | Tamberin-drenifeo tokana |
| F2 : Raha miara-mientana isika dia ho foana ny valan'aretina. Raha miara-miasa isika dia ho tratra ny tanjona. | → | Tamberin-drafi-pehezanteny |

2- F1 :Fiainana feno fiadanana no irinay.
"Tamberin-drenifeo tokana"

F2 : Izay tia fahadiovana no salama. Izay olona salama no mandroso.
"Tamberin-drafi-pehezanteny"

F3 : Niezaka nihazakazaka nanatratra ilay namany izy.
"Tamberin-drenifeo tokana"

## 9 NY FITERAHANA

### *SAHANASA 1*

1) Vahatra: faka iankinan'ny aina
- Momba: lehilahy na vehivavy tsy mahazo zanaka na taranaka
- Sovohin'ny hatsiaka: idiran'ny rivotra mangatsiaka
- Sovoka: aretina mahazo ny tera-bao noho ny hatsiaka
- Lehibe mijoalajoala: afo mirehitra be, lelafo avo be.

2) Ny mampalaza ny firenena Malagasy dia ny fiterahan-jaza maro sy ny fitiavan-janaka.

3) Ireo fomba fiteny iantsoana ny zanaka:
Menaky ny aina, silaky ny aina, sombin'aina, vahatry ny aina.

4) Ny antony iterahan'ny Malagasy.dia ny mba hanana fara aman-dimby.

5) "Miteraha fito lahy, fito vavy"

6) Ny zanaka dia midika mpandimby, mpandova araka ny ohabolana hitantsika ao amin'ny lahatsoratra.

7) Midika ho harena izany ny zanaka amin'ny Malagasy.

8) Vao miforona ao an-kibon-dreniny ny zaza dia atao hoe: mitoe-jaza ilay reny.
- Rehefa lehibebe ny kibon'ny reny dia lazaina izy fa manana anaka.
- Rehefa mibontsin-kibo kosa dia antsoina hoe bevohoka na mavesatra na bevotraka.

9) Ny ilazana ny reny mandritra ny fotoana ipetrahan'ny zaza ao an-kibony dia hoe mitondra rano.

10) "Ny zaza vao latsaka avy ao an-kibon-dreniny no antsoina hoe zaza rano."

11) 9 na 10 volana no itondran'ny reny an-kibo ny zaza.

12) "Komby" no iantsoana ny toerana ifanan'ny mpifana rehefa teraka izy.

13) Eo akaiky ny fatana tsy maty afo sady mihiboka no toerana ametrahana azy.

14) Tsy navela ho faty ny afo ao am-patana, ny jiro atao rehibe mijoalajoala, rakofana lamba mafana, tsy mahazo mivoaboaka mandritra ny herinandro.

### SAHANASA 2

1)Ny anarana angoty iantsoana ny zanaka : menakynyaina, silakynyaina, vahatrynyaina, sombin'aina ...

2)Ny fiheveran'ny Malagasy ny zanaka: harena, fitohizan'aina, mpandimby, mpandova.

3) Mifana ao anaty komby.

4)Tsy atao ambanin-javatra ny fikarakarana ny vehivavy satria izy no loharano ipoiran'ny taranaka rehetra.

### SAHANASA 2

1) Tera-dahy: arahabaina nahazo mpaka kitay.
 Tera-bavy: arahabaina nahazo mpantsaka rano.

2) Ny anaran'ny vola atolotra amin'ny olona terabao dia rom-patsa.

3) Tongava taiza, maroroha taiza, nomen'Andriamanitra ny fara.

4) Ireo fady samihafa amin'ny vehivavy mitondra vohoka :
 - Tsy mifanolotra atody fa mahamoana ny zaza
 - Tsy manao sakamalao am-paosy fa mahamaro rantsana ny zaza.

5)« Ny hanambadian-kiterahana. »
 « Ny hiterahan-ko dimby »
 « Maniraka zaza tsy nateraka mahabe vatan'orona »

## 10 NY HAD « SEHATRA » SY « MPANAO »

### SAHANASA 1

F1 : Miasa ho an'ny tenany ny tantsaha.
EM RF L "SEHATRA"

*Porofo :*
*- miasa: m-i-asa*
*- EM Matoanteny aman-tovona mivaky "mi-"*
*- FKI: Miasa ny tantsaha.(mivany 2)*

F2 : Hitranga daholo ny zava-miafina rehetra.
EM ZP L ZP
« SEHATRA »

*Porofo:*
*Hitranga:h-i-tranga*
*- EM Matoanteny aman-tovona mivaky "mi-"*
*- FKI: Hitranga ny zava-miafina. (mivany 2)*

F3 : Manadio tokotany ny ankizy.

EM ZP L "MPANAO"

*Porofo:*

*- Manadio: m-ana-dio*

*- EM Matoanteny aman-tovona mivaky"mana-"*

*- FKI: Manadio tokotany ny ankizy.(mivany 3, RF "tokontany": "iharana")*

F4 : Nanolotra rom-patsa ho an'ny tera-bao ny mpamangy.

EM RF RF L"MPANAO"

*Porofo:*

*- Nanolotra: n- an- tolotra*

*- EM Matoanteny aman-tovona mivaky"man-"*

*- FKI : Manolotra rom-patsa ny mpamangy.(mivany 3, RF "tokontany": "atao")*